MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR**
**PUBLIC et PRIVE**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

grandprof.net

SESSION 2015

C-D

| | | | |
|---|---|---|---|
| Série | : C-D | Epreuve de : | MALAGASY |
| | | Durée : | 03 heures 30minutes |
| Code matière : | 005 | Coefficient : | 3 |

✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲

**NB: Tsy maintsy atao ny laza adina I.**

**Isafidianana ny laza adina II.**

**LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao.** **(isa 6)**

1°) - Mitanisà tantara foronina telo (3) nosoratan'i I.P.A

2°) - Manomeza adidy telo (3), ataon'ny velona amin'ny razana

**LAZA ADINA II: Isafidianana ny A sy B** **(isa 14)**

**A - FAMAKAFAKAN-KEVITRA :**

Hoy ny oha-pitenenana : "Ny aina tsy ananam-piry"
Fakafakao

**B - FANADIHADIANA LAHATSORATRA**

Ny eritreritra

Ny manam-panahy no manana eritreritra, ary rehefa manam-panahy tsy misy afaka amin'ny eritreriny. Fa ny fieritreretana izay inian-katao no fanahy, ka vonoy ny fanahinao raha tianao ho faty ny eritreritrao. Minia manao soa ianao, tsy maintsy voaeritreritrao izany. Toy ny aloka tsy miala aminao ny eritreritrao. Ny zava-mitranga ao anatinao fotsiny (fialonana na fangorahana, fanirian-dratsy na fientanam-po hivavaka...), na fihetsika ivelany saingy miafina amin'ny olona (fihatsarambelatsihy na fahafihinam-bava, fanendrikendrehana na fahafoizan-tena...) : takona sy miery amin'ny manodidina anao izany, fa miharihary amin'ny eritreritrao.

Ka na tsy misy valiny soa na ratsy eo no ho eo aza avy etỳ ivelany, ny eritreritrao ihany no efa mamaly anao ao anatinao : melohiny tsy ampandriany mandry ianao raha minia amin'ny ratsy, ary derainy sy omeny toky rahȧ minia amin'ny tsara. Valin'ny natao tsy azo foanana.

Mahatalanjona io eritreritra io. Maso mihiratra amin'ny maizina, feo manakoako amin'ny mangina, hany mpitsara tsy mizaha tavan'olona, fa tsy mena-maso ary tsy azo fitahina. Tahotry ny ratsy fanahy tsy azony idifiana ary fanantenan'ny tsara fanahy tsy azo alana aminy.

R.P. RAHAJARIZAFY Antoine,
Filôzôfia Malagasy, tak.68-69

Hadihadio io lahatsoratra io.

oooooooooooooooooooooo